Ramamonjisoa Regis

# Mpandray fanapahan-kevitra tsy voadinika ny filoha Rajoelina

Nampisavoritaka ny mpiasam-panjakana sy ny mpiasa amin'ny sehatra tsy miankina eto an-drenivohitra, ny famerenana an'ireto farany hiasa hatramin'ny 5 ora hariva kanefa tsy nosokafan'ny fitondram-panjakana akory ny fitaterana "Taxi-be" hoy Andriamatoa Ramamonjisoa Regis, Filoha lefitra ny RMDM any amin'ny faritanin' i Mahajanga. Nanohy fanazavana ity farany fa tsy maintsy mifanjevo mandeha an-tongotra avokoa ny ankabeazan'ny mpiasan'ny orin'asa lavi-podiana rehetra, izay tsy manana fiara fitaterana . Nambaran'ity Filohalefitry ny RMDM ity, fa tsy nasian'ny Filoham-pirenena resaka nandritra ny lahateniny koa ny fanokafana ny fiangonana kanefa tena ilain'ny olona ny mampahery ny fanahiny sy mangatam-pitahiana amin'Andriamanitra, indrindra amin'izao fotoanan'ny areti-mandringana izao. Mikasika ny fizarana ny fanampiana sy vatsy Tsinjo kosa indray, nilaza Andriamatoa Ramamonjisoa Regis, fa tsy mitombona intsony ny fisian'ny olona marefo satria efa samy sahirana avokoa ny vahoaka amin'izao fotoana izao satria samy mihiboka avokoa ny rehetra. Ankoatra izany, nanohy fanazavana ity farany, fa tokony hisitraka fanampiana miverimberina avokoa ny olom-pirenena manerana ny nosy, fa tsy ny vahoakan'Antananarivo ihany no mponina eto Madagasikara, hisitraka izany raha ny fanisana nataon'ny mpiasam-panjakana ny faran'ny herinandro teo no asiana resaka. Nanamafy Andriamatoa Ramamonjisoa Regis, fa tsy nosokafan'ny Filoham-pirenena nandritra ny lahateniny ny faran'ny herinanandro lasa iny ny zotra nasionaly, izay iankinan'ny toe-karena sy ny fiainam-bahoaka. Nanohy ity



Regis Ramamonjisoa, filoha lefitry ny RMDM any amin'ny Faritanin'i Mahajanga.

Filoha lefitry ny Rmdm ity, fa tsy rariny raha toa ka ho sakanan'ny mpitandro filaminana ny hetsiky ny RMDM, izay notanterahina am-pahendrena sy am-pilaminana, izay natao tetsy Bel'air Ampandrana ny voalohan'ny herinandro lasa teo iny. Namarana ny teniny izy fa tsotsori-mamba hisarahana eo amin'ny fitondrana sy ny mpanohitra ny tsy fandraisana an'ireo soso-kevitra naroson'ny Rmdmny Alatsinainy lasa teo, hany ka hiroso amin'ny dingana manaraka indray ny mpanohitra, hanoherana ny zavatra tsy mety eto amin'nyfirenena. Miantso ny firaisankinan'ny vahoaka Malagasy ihany koa izy ho fampitsaharana an'izao fanapahan-kevitra tsy mifanaraka amin'ny hetahetam-bahoaka izao .

**Franck Razakambelo**

Tsy fandriampahalemana

# Sakoroka vao maraina tany Farafangana

Sakoroka vao maraina, na nikorontana vao maraina ny tany Farafangana renivohitry ny faritra Atsimo Atsinanana omaly. Andaniny ny mpitandro filaminana, ankilany ny mponina tao amin'ny Fokontany Andranomakoko. Ny zava-nisy, maty voatifitry ny jiolahy afak'omaly alina ny sefo Fokontanin'ity Fokonatany Andranomakoko ity. Nisy ny olona voasambotry ny



Sakoroka tany Farafangana omaly vao maraina.

mpitandro filaminana ahiahiana ho nahavanondoza tamin'izany fanafihana sy asan-jiolahy izany, ka tazonina ao amin' ny Biraon'ny zandary. Takian'ireto mponina ireto ny hamoahana io olona io hatao fitsaram-bahoaka, teo no naha raikitra ny savorovoro. Tamin'ny fotoana nanoratana dia mbola mandeha ny fanelanelanana ataon'ny mpitondra fanjakana any an-toerana. Andrasana ny tohin'izany raharaha izany.

**Stefa**

Rakotoson Danny

# Tokony ho faranana tanteraka amin'izay ny fihibohana fa mambotry vahoaka

Eritreritra ratsy avy amin' ny Lehiben'ny fitondram-panjakana ny fanalavana ny fihibohana, izay efa ho andiany faha 9 eto Madagasikara hoy Andriamatoa Rakotoson Danny, mpandinika sy mpanao politika. Nanohy nanazava ity farany, fa potika tanteraka ny toekarenan' i Madagasikara nandritra ny 4 volana mahery, satria tsy mahavaha ny olan'ny orin'asa ny vahaolana naroson'ny fitondram-panjakana. Nilaza ity mpanao politika ity fa nampihena ny vola miditra ho an'ny mpanjifa ny zava-misy vokatr'izany tsy mamaly ny vola maty isan'andro, izay tokony hampihodinana ny orinasa iray ny vola miditra. Ny azo atao hoy Andriamatoa Rakotoson Danny dia miezaka manao ny fara-heriny mihodina fotsiny ny mpandraharaha, ka manao izay ho




Rakotoson Danny, mpandinika sy mpamakafaka politika.

afany ahafahana manakarama ny mpiasa, mandoa ny saran'ny herinaratra sy ny hofan-trano sy ny sisa... Nandroso sosokevitra ity mpandinika politika ity, fa tokony hiala tanteraka amin'ny fihibohana ny firenena, mitady vola hanampiana ny orin' asa sy ny mpanjifa ny fanjakana ary mametraka drafitra mazava, madio sy misy fanantenana ho an'ny olom-pirenena, hialana amin'izao krizy izao. Ankoatra izany, nanamafy Andriamatoa Rakotoson Danny, fa ny famerenana ny karama isam-bolana sy ny fidiram-bolan'ny tsirairay no tokony himasoan'ny fitondram-panjakana, fa tsy vahaolana ny fizarana fanampiana sy ny tosika fameno maro samihafa. Nanohy ny fanehoan-keviny ity mpanao politika ity, fa tsy ho voafehin'ny filoham-pirenena intsony ny fitantanana ny fanjakana, satria manomboka tsy to teny intsony ity farany no sady manovaova zavatra resahana. Porofo mitohaka amin'ny tenda hoy ity mpandinika politika ity ny fisian'ny goragora eo amin'ny fanasaziana an' ireo olona tsy mitondra « Cache bouche » , eo ihany koa ny tsy fisian'ny mpiasan'ny fahasalamana eny amin'ny « Barrage sécuritaire », rehefa miala ny faritra Analamanaga. Tsy resahana intsony ny fanaratsian'ny olom-pirenena ny fitantanan'ny filoham-pirenena ao amin'ny tambazotran-tserasera.

**Franck Razakambelo**

## NY TENY FIAINANA




*"Izay mino sy atao batisa no hovonjena; fa izay tsy mety mino no hohelohina."*
***Marka 16:16***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fitondrana Rajoelina

# Nampibaribary ny tsy fahaiza-manaony izay 5 volana izay

Miditra amin'ny fahadimin'ny volana ao anaty hamehana ara-pahasalamana ny firenena amin'izao fotoana izao. 5 volana nampikorontana ny fihariana sy ny fiainan'ny sarambabem-bahoaka amin'ny ankapobeny. 5 volana nampitontongana sy nahapotika ny toekarem-pirenena ary nampifotetaka azy any amin'ny taha-pitomboana hatrany amin'ny 0,8%. Ny lafiny politika toa vao mainka hampizorina mankany amin'ny fanitarana ny hantsana mampisaraka. Amin'ny fomba ahoana no hiharenan'izany rehetra izany aoriana?
Ny antontan'isa sy tarehimarika aseho isan'andro ampahafantarina ny vahoaka ankehitriny maneho ny tranga vaovao amin'ny voan'ny valanaretina, miha- mihena hatrany ary ny sitrana kosa miha-mitombo. Midika inona izany sy inona no tiana ahatongavana ? Ho an'ny mpamakafaka ny asa atao rehetra eto amin'ny firenena na sosialy na toekarena dia toy ny langilangy zozoro ihany. Miharihary mananporofo izany ny zava-misy iainan'ny vahoaka andavanandro, izay maneho fa mitsontsorika midina ambany dia ambany ny lentan'ny fepetram-piainany. Tsy vitan'ilay fitondrana mihitsy ny fitsinjovana ny fiainan'ny vahoaka malagasy izay saika sahirana avokoa amin'ny ankapobeny. Ny fitondrana no nahatonga izao tranga misy ny firenena ankehitriny izao, kanefa tsy voavahany ny olam-bahoaka.
Nambara fa ao anatin'ny efatra andro no nampiatoana ny fanampiana ny vatsy ho an'ny vahoaka. Mbola hita ho niitatra ho dimy na enina andro mihitsy aza izany tany amin'ny tanàna sy kaomina sasany. Hita ho nisy olona vitsivitsy teo amin'ny telo teo nandeha nitety tokantrano nanao fanadihadiana. Rehefa noezahina nofantarina dia tsy ilay « vatsy sosialim-bahoaka » no nanaovan'izy ireo fanadihadiana fa mbola ilay « tosika fameno » avy amin'ny FID. Fantatra tamin'izany fa ilay lisitr'ireo efa nisitraka teo aloha ihany no hamarinin'izy ireo amin'ny ankapobeny. Nisy araka izany ireo tokantrano maro nodinganina fotsiny tsotra izao fa tsy ao anaty lisitra kanefa maro amin'izy ireo no ao anaty fahasahiranana tanteraka efa am-bolana maro izao. Ny fanadihadiana amin'ilay « vatsy sosialim-bahoaka » nanakorontam-bahoaka amin'izany tsy hita soritra na re na kely aza tao amin'ilay tanàna sy kaomina. Mazava loatra, fa tsy mbola mandeha araka izay laoniny ihany toy ny teo aloha ny fanadihadiana nanaovan'ny fitondrana fihetsiketsehana be sy ny zava-misy. Tsy misy fivoarany, fa ny eo ihany no eo, izay efa nahazo ihany no mbola hahazo, ary tsy misy fanantenana ho an'ny hafa tsy mbola nisitraka fanampiana na indray mandeha aza, kanefa ao anaty fahasahiranana tanteraka.
Tsy mbola milamina toy izany ihany koa ny lafiny toe-karena eto amin'ny firenena, mbola maizin-kitroka ny làlana ho amin'ny fiarenana. Mbola ahenoina olana ihany koa ny eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana. Misy ny mpiasan'ny fahasalamana mbola nilaza, fa tsy misitraka akory ny tambin-karama . Misy ireo mandeha an-tongotra na manao izay ahatongavany any amin'ny tobim-pahasalamana sy rehefa mody avy eo. Ny "E.P.I" tsy milamina, fa misy tsy fitoviana eo amin'ny rehetra miatrika ny fitsaboana sy ny ady amin'ity valanaretina ity. 5 volana izay no nodiavina, nihanjahanja ny maha kely endaka ny fitondrana Rajoelina niatrika ny ady amin'ny fihanaky ny covid-19 eto amin'ny firenena, mibaribary ny tsy fahaiza-manaon'izy ireo, efa voalaza fa ho tratra ny pic, izany hoe hanomboka mety hifarana ny valanaretina vao tonga ny oxygène ho fameloman'aina, tokony ho maro no ho avotra tamin'izany raha tonga mialoha teto amin'ny firenena izany.

**Sôh'son**